





Nandritra ny valan-dresaka natao ny Filoham-pirenena, Andriamatoa Andry Rajoelina, tao amin'ny TVM ny 03 mey 2020, dia anisany dingana lehibe tratrarina ny fidirana ao anatin'ny "digitalisation". Tomponandraikitra voalohany amin'ny fanatanteraha izany ny eo anivon'ny Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampiroboroboana ny Haitao ra-kajy Mirindra.




Ny Alatsinainy 04 mey 2020 dia efa nisy fifanaovan-tsonia ny fifanaraha-mpiara-miasa teo amin'ny Foibe Loterana Malagasy -FLM- izay nosoloin'i Pastora Dr Rakotonirina David tena sy ny Paositra Malagasy tamin'ny alalan'ny Tale Jeneraly, Andriamatoa Ranarison Richard, teny

amin'ny Foiben'ny Loterana eny Isoraka.




Tafiditra anatin'izao fifanarahana izao ny hampiasan'ny FLM manerana ny Madagasikara ny tolotra Paositra Money amin'ny fandraharahana ara-bola rehetra ataon'izy ireo. Isan'izany ny Vatsin'ny Pastora, ny Fampandehanan-draharaha. Marihana fa efa mahatratra 600 mahery ny kaonty efa misokatra. Ny tanjona dia ny hatratrarana hatrany amin'ny 2000 mahery ka hahazo anjara amin'izany ireo Pastora sy mpianatra teolojia.




Nisongadina nandritran'ny fifanaovan-tsonia ihany koa ny mahakasika ny fitaterana entana amin'ny alàlan'ny tolotra Paositra Rapida ao amin'ny Paositra Malagasy ary ny hafahan'ny FLM manerana ny Nosy ho tonga "distributeur" an'ny Paositra Malagasy.


www.madagate.org

[illegible]